


Inona no Mampihetsi-po Antsika?

Tahaka ny amindran'ny ray fo amin'ny zanany, dia toy izany koa no amindran'Andriamanitra fo amiko.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny iray amin'ireo olana lehibe indrindra ao amin'ny fiangonana ankehitriny dia ny faniriana manokana ataon'ny mpanompo. Niresaka an’io olana io tamin’ny fiangonana tany Filipy ny apostoly Paoly, ka nanao hoe:

> "Koa raha misy famporisihana ao amin'i Kristy, raha misy fampiononana avy amin'ny fitiavana, raha misy firaisana amin'ny Fanahy, raha misy famindrampo sy fiantrana, dia tanteraho ny fifaliako, mba hiraisanareo saina, miray fitiavana, miray fo, miray hevitra, tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana; fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany." (Filipiana 2:1–3)

Teny mahery vaika ireo. Tsy ny fihetseham-po ivelany no tian’i Paoly holazaina. Fa miditra lalina izy ireo.

Efa nihaona tamin'ny mpitondra fivavahana mahafinaritra maro aho, fa ny hery manosika ny fiangonana ankehitriny, araka ny fahitako azy, dia ny faniriana: faniriana hanorina fiangonana lehibe kokoa, hanao fivoriana lehibe kokoa, hametraka anarana bebe kokoa ao amin'ny lisitry ny mailaka, na mampahafantatra ny tena. Sao dia miteniteny foana aho, nefa, na izany aza, ny faniriana dia toa hery voalohany amin'ny Kristianisma ankehitriny. Hoy anefa, i Paoly:

> “Tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana.”

Manana fanontaniana ho an'ireo izay manompo ny Tompo aho. Raha ,itarina dia, fanontaniana ho an’ny rehetra izany, satria ny mpino rehetra dia tokony ho eo amin’ny fanompoana ny Tompo. Inona no manetsika anao? Inona no

© 2008 - Dries Du Plessis

manosika anao hanao ny zavatra ataonao? Hiteny ny teny lazainao? Mba hifandraisanao amin'ny olona toy ny ataonao? Moa ve ny fitiavan’Andriamanitra sy ny fangorahana no mandrisika anao? Mamporisika antsika ny 1 Jaona 4:7 hoe, “Ry malala, aoka hifankatia isika, fa avy amin’Andriamanitra ny fitiavana; ary izay rehetra tia no naterak’Andriamanitra sady mahalala an’Andriamanitra.”

Misaotra Anao, Tompo ô, fa miahy tokoa lanao. Manambara aho fa ny faniriako dia entanin’ny fitiavan’Andriamanitra sy ny fangorahana. Tahaka ny fangorahan’ny ray ny zanany, no fangorahan’Andriamanitra ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-255-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

